



Ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady (Mat 25 :10b)

Amin'ireo alahady farany amin'ny taona litorjika, ny Fiangonana dia manolotra antsika, an-dàlana avy ao amin'ny filazantsara, izay nanangonan'I Matio ny fampianaran'ny Tompo momba ny "fara-andro": filazana ny faharavàn'ny Tempoly, fanasàna hiambina, ny mpanompo izay miandry ny tompony, ireo zatovovavy izay tokony hanotrana ny mpampakatra, ny fanoharana ny amin'ny talenta, ny fitsarana farany. Ampatsahivina fa taona vitsivitsy fotsiny taorian'ny fandravàna ny tanàna sy ny Tempoly tao Jerosalema no nanoratan'ny evanjelista ny texte-ny. Izany dia naseho taminy ho toy ny famantarana mibaribary ny faran'izao tontolo izao izay hanjavona mandrakizay.

Ny filazantsara androany dia manambara amintsika ireo virijina hendry sy ireo virijina adala. Ny teny hoe "adala"(morai), dia tsy midika tanteraka hoe olona tsy manan-tsaina, fa olona tsy mino an'Andriamanitra, olona tena adala amin'ny fanoharana an'Andriamanitra. Ny Salamo 14:1 dia milaza amintsika hoe "Ny adala (môros) manao anakampo hoe: tsy misy Andriamanitra". Ao amin'ny filazantsara ny "môros" na ny adala dia "izay manorina ny tranony teo amin'ny fasika ka tsy nampihatra ny tenin'I Jesosy" (Mat 7:24)...Resaka fihetsika ara-panahy izany ilay hoe adala eto.

Mihatra amintsika tsirairay avy ity fanoharana ity: indraindray isika dia mitovy amin'ireo virijina hendry/malina izay nahatakatra ny hanao solika fiandry, ary indraindray kosa isika mitovy amin'ireo virijiny adala izay tsy mihevitra afa-tsy ny amin'izao fotoana izao ihany.

Ny olombelona sy ny biby dia manana fahazarana mitsinjo/maminavina sy manao tahiry/vatsy. Rehefa manakaiky ny ririnina, dia miomana ho amin'ny tori-maso ririnina (sommeil hivernal/hibernation) ny ours; mitady toerana mafana sy voaaro ny castors sy ny volavo kely; managona voanôka (glands) sy noix izay atobiny haharitra hatramin'ny lohataona ny écurueils. Toy izany koa ny vitsika. Manomana pneus d'hiver ho an'ny fiarantsika isika izao, mamoka ny akanjo mafana, ny bottes, mividy kitay sy ny menaka fandrehitra hatao chauffage. Ny olona sy ny biby dia sady mandinika sy malina, no hendry sy mailo ihany koa eo amin'ny fomba fiasany.

Tsy isalasalana fa efa samy nandalo fotoan-tsarotra avokoa isika teo amin'ny fiainantsika. Kanefa ny tahirim-pitiavana, ny firaketam-pitia, ny faniriana hahazo an-tsaina (comprehension) izay nisy tao amintsika dia nahafahantsika nandalo izany fotoan-tsarotra izany. Nampametram-panontanina antsika ary izany hoe: "ahoana no nahatafavoahako tamin'izany rehetra izany?" Ny fijoroana, ny faharetana, ny fanantenana sy ny fitiavana no namela antsika hioty ny vokatry ny fahaiza-mitsinjo (prévoyance) izay manan-karena faharetana sy fahazavan-tsaina. Amin'ny lafiny iray anefa, mety niaina manokana ny vokatry tsy fahampiana fahaiza-mitsinjo (prévoyance) isika: rehefa very asa na rehefa misy korontana na krizy tsy ampozina, rehefa tsy ampy ny firaisan-kina ka miteraka fahapotehan'ny finamanana, rehefa tonga ny fifandirana lavareny mitarika any amin'ny fisarahan'ny mpivady.

Tsy afaka manantena ny fitohizan'ny vinavinan'asa (projet) isika rehefa ritra ny eo am-pelatanana, kanefa tsy nanao tahiry, tsy ahatratra ny lohataona isika raha tsy mandritra ny fararano dia efa manao tahiry. Ny maha-samy hafa ny virijiny hendry sy ny adala dia ny fahaizana manao tahiry.



Maro ny olona mihevitra fa tia tena ireo virijina hendry satria tsy te-hizara ny solika nananany, kanefa tsindrian'ny filazantsara tsara eto fa isika irery ihany no mizaka/mandray andraikitra ny safidy nataontsika. Tsy ho voavonjy isika satria hoe manana nenitao religiozy, manana reny mivavaka amin'ny sapile(chapelet) isan'andro, manana ray aman-dreny mamonjy fanompoam-pivavahana tsy tapaka, manana zanaka miasa amin'ireo mpifindra monina sy ny mahantra. Tsy miankina amin'ireo ny famonjena antsika. Tsy maintsy mamaly ny tenantsika manokana tamin'izay natontsika na tsy nataontsika isika. Tsindrian'I Kristy ny maha-tompon'andraikitra ny tsirairay. Any Dago no misy ny atao hoe taxi-collectif (taxibe) fa ny eo amin'ny Tompo dia ny individu ihany no mikaonty.

Ao amin'ny bokin'I Thorton Wilder mitondra ny lohateny hoe "Le Pont de San Luis Rey" izay tany Pérou no nisehoan'ny tantara dia mitantara tantaran'andian'olona vitsivitsy izay ni-voyage tamin'irony antsoina hoe "diligence" irony tamin'ny taon-jato faha 19. Nony tonga teo San Luis Rey izy ireto dia nirodana ity tetezana efa tranainy ity noho ny lanjan'ilay diligence. Tapitra namoy ny ainy avokoa ireo mpandeha. Avy eo ny mpanoratra dia mitantara ny tantaran'ny mpandeha tsirairay: ny iray dia mpisolo vava, ny iray pretra, ny iray mpitsabo mpanampy, ny iray mpandraharaha, ny iray renim-pianakaviana, ny iray mpiasa amin'ny fanomboara-trano, ny iray mpiasa trano. Isaky ny faran'ny toko (chapitre) izay mitantara ny fiainanan'ny mpandeha iray ny mpanoratra dia mametram-panontaniana toy izao: niomana ve izy hihaona amin'ny mpamorona azy? Izany fanontaniana izany dia mbola afaka mipetraka ankehitriny ho an' ireo olona an'arivony maro izay namoy ny ainy tamin'ny asa fampihorohoroana isan-karazany raha tsy hilaza afa- tsy ny tamin'ny 11 septembre - New York, ny 13 Novembre Bataclan na 14 Juillet - Nice, ary vao haingana ilay tany Las Vegas sy tany Texas, na koa ho an'ireo namoy ny ainy tamin'ny lozam-pifamovozana na aretina toy ny homamiadana, ny loza ara—boajanahary toy ny Tsunami sy ny horohoron-tany.

Ny olona sasany dia mino fa ny finoana kristianina dia karazana fahaverezan-jo, finoana iray izay tsy manana ny heriny raha tsy ao aorinan'ny fahafatesana, ary ny kristianina dia tsy mba liana amin'ny fotoana ankehitriny ... diso tanteraka izany. Ny finoana kristianina dia manasa antsika hiasa dieny izao, tsy handanilany foana ny fotoana izay nomena antsika. Ny mandrakizay dia manomboka dieny izao ary ny fotoana dia fanomezana ho antsika mba hanokafantsika ny maso sy ny fo hanaovana ny tsara rehetra mety ho vita.

"Miomàna!" Tsy hoe mamantatra ny fotoana hiavian'ny fahafatesana, fa kosa miomana hatrany ny hihaona amin'ny Tompo.

Isika kristianina dia tsy miaina eo am-pototry ny calendrier, miezaka ny mamantatra ny andro izay hiavian'ny Tompo. Isika dia miaina miaraka tondroavaratra na boussole izay manondro antsika ny lalana tokony ho hizorana mba hatafitana soamantsara. Ary rehefa tonga ny andro hahafatesana, na afaka herinan'andro izany na mbola afaka taona maromaro, dia efa niomana isika miaraka amin'ny solika fiandry.

Ny soliky ny fitiavana dia ahafahan'ny fanilontsika mirehitra hatrany: "Izay nataonareo tamin'ireny mandinika ireny dia nataonareo tamiko" Ny Tompo dia manome fotoana ho antsika mba ahafahantsika



miomana amin'ny fihavihany. **“Ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady”**

Ny filazantsara eto dia manindry fa isika dia tokony ho tompon-andraikitra amin'ny safidy ataontsika.

Ny finoana krisitianina dia manasa antsika mba hietsika ankehitriny, tsy handanilany foana ny fotoana izy nomena ho antsika.

Toriteny alahady 12 novambra 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA

Celles qui étaient prêtes entrèrent dans la salle de noces (Matthieu 25 :10b)

L'Église nous propose, en ces derniers dimanches de l'année liturgique, des passages d'évangile, où Matthieu a regroupé les enseignements du Seigneur sur les «derniers Temps» : annonce de la destruction du Temple, invitation à la vigilance, le serviteur qui attend son maître, les jeunes filles qui doivent accompagner le marié, la parabole des talents, le jugement dernier. Il faut se rappeler que l'évangéliste écrit son texte quelques années seulement après la destruction de la ville et du Temple de Jérusalem. Ceci lui apparaît comme le signe évident de la fin d'un monde qui est disparu à jamais.

L'évangile d'aujourd'hui nous parle de jeunes femmes sages et de jeunes femmes folles. Le mot «folles», «môrai», ne signifie pas tellement une personne sans intelligence, mais plutôt une personne impie, celui ou celle qui est assez fou pour s'opposer à Dieu. Le Psaume 14, 1 nous dit : «Le fou (môros) dit en son coeur: il n'y a pas de Dieu!». Dans les évangiles, «môros» désigne «celui ou celle qui bâtit sa maison sur le sable et ne met pas en pratique les paroles de Jésus» (Mt 7, 24)... Il s'agit donc d'une attitude spirituelle.

Cette parabole s'applique à chacun de nous : parfois, nous sommes comme les jeunes filles prudentes qui ont su se faire des réserves et parfois nous sommes comme les jeunes filles sottes qui ne pensent qu'à l'instant présent.

L'être humain et l'animal ont l'habitude de prévoir et faire des provisions. A l'approche de l'hiver, les ours se préparent au sommeil hivernal, les castors et les rats-laveurs recherchent des endroits chauds et protégés. Les écureuils ramassent des glands et des noix qu'ils entreposent afin de subsister jusqu'au printemps. De même pour les fourmis. Nous équipons nos voitures de pneus d'hiver, sortons nos manteaux et nos bottes, achetons du bois et de l'huile à chauffage. Les humains comme les animaux sont à la fois avisés et prudents, sages et vigilants, dans leur manière d'agir.

Au cours de notre vie, nous avons sans doute connu des moments difficiles où une réserve d'amour, de tendresse et de compréhension nous ont permis «de passer à travers». Nous nous sommes alors posé la question: «Comment ai-je pu traverser tout cela?» La force de caractère, la persévérance, l'espérance et l'amour nous ont permis de récolter les fruits d'une prévoyance riche en patience et en compréhension. Par contre, Nous avons peut-être expérimenté personnellement le coût du manque de prévoyance : lorsqu'une perte d'emploi ou une grève inattendue nous prend au dépourvu, lorsque le manque de solidarité provoque la fin d'une grande amitié, lorsque des mésententes continues conduisent à la séparation ou au divorce.

Nous ne pouvons espérer qu'un projet se prolonge quand les ressources sont épuisées, nous ne pouvons atteindre le printemps sans avoir, à l'automne, constitué des réserves. La différence entre les jeunes filles sages et les jeunes filles étourdies est la capacité de faire des réserves.

Certaines personnes pensent que les «sages» sont égoïstes parce qu'elles ne veulent pas partager leur huile, mais l'évangile souligne ici qu'en fin de compte nous devons seuls assumer la responsabilité de nos choix. Nous ne serons pas sauvés parce que nous avons une tante religieuse, une mère qui priait le



chapelet chaque jour, des parents qui allaient au culte régulièrement, un fils qui travaillait avec les immigrants et les pauvres. On devra répondre personnellement de ce que nous avons fait ou manqué de faire. Le Christ insiste sur la responsabilité de chacun et de chacune.

Dans le roman de Thornton Wilder, *Le Pont de San Luis Rey*, où l'action se déroule au Pérou, l'auteur raconte l'histoire de quelques personnes qui voyagent sur une diligence, au 19^e siècle. Arrivés à San Luis Rey, le vieux pont s'effondre sous le poids de la diligence et tous les passagers perdent la vie. Wilder raconte ensuite l'histoire de chacun des voyageurs : un avocat, un prêtre, une infirmière, un homme d'affaire, une mère d'une famille, un travailleur de la construction, une servante de famille bourgeoise. À la fin de chaque chapitre racontant la vie d'un des figurants, Wilder se demande : était-elle, était-il prêt à rencontrer son créateur ? La même question pourrait se poser pour les quelque 3000 personnes qui ont perdu la vie lors de l'attaque terroriste du 11 septembre, ou encore, lorsque quelqu'un est tué dans un accident, meurt d'un cancer, est victime d'un tsunami ou d'un tremblement de terre.

Certaines personnes croient que la foi chrétienne est une sorte d'aliénation, une croyance qui n'a d'influence qu'après la mort et que les chrétiens ne sont pas intéressés au temps présent... c'est exactement le contraire. La foi chrétienne nous invite à agir maintenant, à ne pas gaspiller le temps qui nous est donné. L'éternité commence maintenant et le temps nous est offert comme un cadeau pour que nous ouvrons les yeux et le cœur afin de faire autant de bien que possible.

«Soyez prêts !» Il ne s'agit pas de deviner quand le moment de la mort arrivera, mais bien d'être toujours prêts à rencontrer le Seigneur.

Nous les chrétiens ne vivons pas avec un calendrier dans les mains, essayant de découvrir le jour où le Seigneur viendra, nous vivons avec une boussole qui nous indique la direction à suivre pour arriver à bon port. Et lorsque le jour de la mort arrivera, que ce soit dans une semaine ou dans plusieurs années, nous serons prêts, avec de l'huile en réserve.

L'huile de la charité permet à notre lampe de rester allumée : «Chaque fois que vous l'avez fait pour l'un de ces petits, c'est à moi que vous l'avez fait.» Dieu nous donne le temps pour que nous puissions bien nous préparer à sa venue. «Celles qui étaient prêtes entrèrent dans la salle de noces.»

L'évangile souligne ici qu'en fin de compte nous devons seuls assumer la responsabilité de nos choix

La foi chrétienne nous invite à agir maintenant, à ne pas gaspiller le temps qui nous est donné.

Prédication dimanche 12 novembre 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA